
*Avia, hanaraka Ahy*

# Sahanasa

***Ho an'ny takarivan'ny mpianakavy na fandalinana ny soratra masina, na atao fialamboly fotsiny!***



26 aogositra–1 septambra

## Fototra mafy orina

HO AN'NY HELAMÀNA 1–6

Nampianatra ny zanany hanorina ny fiainan'izy ireo eo amin'ny fototra mafy orin'i Jesoa Kristy i Helamàna (jereo ao amin'ny Helamàna 5:12). Eo amin'ny fototra no anorenana zavatra iray. Ny fototra mafy orina no mahatonga ny tranobe iray manontolo ho matanjaka, eny fa na dia mandalo tafio-drivotra aza. Manangàna tilikambo roa, ka ny iray eo amina fototra mafy orina ary ny iray eo amina fototra malemy. Iza amin'ireo tilikambo ireo no mafy orina kokoa? Ahoana no ahafahantsika manorina ny fiainantsika eo amin'i Jesoa Kristy?

**Ho an'ny ankizy kely:** Ampio ireo ankizy kelinareo hitady zavatra izay eritreretin'izy ireo fa tena mafy orina. Inona no hitan'izy ireo? Ampianaro izy ireo fa afaka ny ho mafy orina isika miaraka amin'i Jesoa Kristy.

2–8 septambra

## Fijoroana ho vavolombelona momba an'i Kristy

HO AN'NY HELAMÀNA 7–12

Betsaka ny olona ao amin'ny soratra masina no nampianatra sy nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy (jereo ao amin'ny Helamàna 8:16–20). Afaka manomboka manorina ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba Azy koa ianao! Ny atao hoe fijoroana ho vavolombelona dia ny zavatra izay inoanao na fantatrao fa marina mikasika ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Soraty ny fijoroana ho vavolombelona anananao ary manaova fanazaran-tena mizara izany amin'ny fianakavianao na ny namanao.

**Ho an'ny ankizy kely:** Anontanio ny ankizy kelinareo izay zavatra tiany momba an'i Jesoa Kristy. Avy eo dia zarao amin'izy ireo ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ny Mpamonjy.





9–15 septambra

## I Samoela I Samoela niakatra teo amin'ny manda. manda

HO AN'NY HELAMÀNA 13–16

I Samoela dia mpaminany iray nampianatra momba an'i Jesoa Kristy teny an-tampon'ny manda irain'ny tanàna (jereo ao amin'ny Helamàna 13:4). Mandehana any amin'ny pejy 12 ary ataovy ilay asa tanana mba hanampy anao hitantara ny tantaran'i Samoela.

**Ho an'ny ankizy kely:** Tazony ny ankizy kelinareo rehefa mijoro eo amin'ny seza izy ireo ary mizara ny zavatra fantany mikasika an'i Jesoa Kristy, tahaka ny nataon'i Samoela.

SARY NATAON'I KATY DOCKRILL

16–22 septambra

## Kilalao fanangonana

HO AN'NY 3 NEFIA 1–7

Nampanantena i Jesoa Kristy fa hanangona ny zanany rehetra satria tia ny olon-drehetra Izy ary tiany hanana ny filazantsara avokoa izy ireo (Jereo ny 3 Nefia 5:24). Ataovy ny kilalao fanangonana. Asaivo mijoro manao faribolana ireo mpilalao. Misy olona iray eo afovoany milaza zavatra iray momba ny tenany, tahaka ny loko tiany indrindra ohatra. Raha marina koa izany zavatra izany ho an'ny olona hafa dia mankeo afovoany koa izy ireo. Tohizo hatrany izany mandra-pahatongan'ny rehetra eo afovoany.

**Ho an'ny ankizy kely:** Manaova fangalampiery miaraka amin'ny ankizy kelinareo. Fihino mafy izy ireo rehefa hitanao. Resaho ilay fampanantenana nataon'i Jesoa Kristy fa hanangona antsika Izy na aiza na aiza misy antsika.





23–29 septambra

## I Jesoa no Fahazavana

HO AN'NY 3 NEFIA 8–11

I Jesoa Kristy no "fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao" (3 Nefia 9:18). Mijere masoandro mody na masoandro miposaka miaraka amin'ny fianakavianao. Ary ataovy sary ny zavatra hitanao avy eo. Eo am-panaovana ilay sary dia resaho ireo antony hitiavanao an'i Jesoa Kristy sy ny fomba hitondrany fahazavana ho anao.

**Ho an'ny ankizy kely:** Mivoaha any ivelany ary jereo ireo hazavana samihafa, toy ny masoandro, na kintana na volana. Anontanio ireo ankizy kelinareo ny zavatra tsapany eo anatrehan'ilay hazavana. Resaho ny maha-fahazavantsika an'i Jesoa Kristy.